# Rafi-tantara 2: Claire—Ho ampy hanaovako ireo zavatra izay angatahan’ny Tompo amiko ve ireo ezaka ataoko? (Jaona 6:5–14)

TESTAMENTA VAOVAO: BOKY TOROLALANA HO AN’NY SEMINERA

Rehefa nahita ireo vahoaka maro be nanatona azy ireo i Jesoa sy ireo mpianany dia natahotra fatratra ireo mpianatra fandrao tsy hanana sakafo ampy homena azy rehetra ireo izy ireo.

Alalino ny tantara momba an’i Jesoa namahana olona niisa 5000 ao amin’ny Jaona 6:5–14, ary tadiavo sy asio marika ny porofon’ity fitsipika ity: **rehefa atolotsika ny Mpamonjy izay rehetra ananantsika dia afaka mampitombo ireo ezaka ataontsika Izy mba hahafahantsika manatanteraka ireo tanjony**.

- Inona ny zavatra izay hitanao ao amin’ireo andinin-tsoratra masina ireo ka manohana ity fitsipika ity?
- Inona araka ny eritreritrao ny zavatra tsapan’ireo mpianatra na ilay zatovolahy teo anoloan’ny zavatra izay azon’izy ireo nomena raha ampitahaina amin’ny zavatra nilaina?

Vakio ity teny manaraka nambaran’ny Rahavavy Michelle D. Craig, Mpanolotsaina ao amin’ny Fiadidian’ny Zatovovavy maneran-tany, ity:



> Efa nahatsapa ve ianareo fa kely loatra ny talenta sy ny fanomezam-pahasoavana izay nanananareo nanoloana ny asa izay niandry? Efa nahatsapa izany aho. Saingy izaho sy ianao dia afaka manome an’i Kristy izay ananantsika, dia Izy no hampitombo ny ezaka ataontsika. Izay zavatra omenao dia efa ampy—na dia eo aza ny tsy fahatanterahanao sy ny fahalemenao amin’ny maha-olona anao—*raha toa* ianao ka miantehitra amin’ny fahasoavan’ Andriamanitra. (Michelle D. Craig, “Tsy fahafaham-po araka an’ Andriamanitra,” *Liahona*, nôv. 2018, 54)

- Inona avy ireo fomba samihafa ahafahantsika “manome izay ananantsika ho an’i Kristy”?
- Inona ny zavatra izay nianaranao avy tamin’ity tantara momba an’i Jesoa namahana olona niisa 5000 ity ka afaka manampy olona iray izay manahy fa tsy ho ampy ny zavatra azon’izy ireo omena?

Rehefa miomana hizara ny zavatra izay nianaranao ianao dia saintsaino ireo ohatra niseho teo amin’ny fiainanao na ny fiainan’olon-kafa rehefa avy nahita ny Mpamonjy nampitombo ny ezaka izay nataon’olona mba hanatanterahany ny asany ianao.

NY FIANGONAN’ I
JESOA KRISTY
HO AN’ NY OLOMASIN’ NY
ANDRO FARANY

© 2023 an’ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. Dikanteny: 2/21. Fandikana ny *Scenario 2: Claire*. Malagasy. PD60012661 654. Natonta tany Etazonia Amerika.